Filoha Rajoelina 3

**Fahafaham-baraka lava no iainan'ny fitondrany**

YALI Mandela Washington Fellowship 6

**Misokatra ny fisoratana anarana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 19 aogositra 2023 Laharana 1463

Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Raharaha Romy Voos Andrianarisoa** 3

Olona ambony eto amin'ny firenena voatonon'ny mpisolovava

Fihaonambe nasionalin'ny FFKM 2

## Hisy fihaonana amin'ireo mpitondra teo aloha sy ny amin'izao



Toamasina. Filoha Ravalomanana 2

## Nanome toromarika ny amin'ny fananganana ny KMMR



Miala Rajoelina 2

## Tsy vonona velively itondra ny firenena amin'ny lalan'ny fahamarinana

**J - 21**

Amirale Van Alexandre 3

## Miha-sahirana sy miha-latsaka an-katerena hatrany ny firenena





**Bacc Antananarivo** 6

Nitohy nitaky ny tambin-karamany ireo mpitsara fanadinana

**Mondial vehivavy baolina kitra** 5

Na i Anglatera na i Espana no handimby an'i Etazonia

**Daka kely**

Tso-drano fanaovam-beloma no azon'ialahy tany amin'i Papa ry Boaikely a !

TOAMASINA. FILOHA RAVALOMANANA

# Nanome toromarika ny amin'ny fananganana ny KMMR

Any Toamasina faritra Atsinanana amin'izao fotoana ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko TIM sady anisan'ny nanambara voalohany, fa ho kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao. Teo ny fihaonany tamin'ireo mpitarika ny antoko tany an-toerana, ny fihaonany tamin'ny solontenan'ny mpianatry ny Oniversite any Barikadimy. Omaly kosa izy dia nanatrika ny fanokafana ny fankalazana ny faha-55 taonan'ny fiangonana FJKM. Nandritra ny fihaonany tamin'ny mpitarika ny antoko any amin'ny faritra Atsinanana sy Analanjireofo ary Alaotra Mangoro, tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana izao, no nanomezan'ny filoha Ravalomanana toromarika ny amin'ny fananganana ny KMMR, na ny Komity Manohana ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana ho avy. Ny KMMR dia vovonana fa tsy ny avy amin'ny antoko TIM ihany no ao anatiny, ivondronaireo rehetra izay resy lahatra amin'ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny fandaharan'asany amin'ny fifidianana ho avy io. Nandritra izany no nifampizarany tamin'ny rehetra ny MAP +, sy izay andrasana amin'ny rehetra amin'ny fifidianana hatao ny 9 Novambra 2023 ho avy izao. Nisongadina tamin'izany fa vonona ny Faritanin'i Toamasina teo aloha, hamerina azy ho eo amin'ny fitondrana indray, noho ny traikefa efa ananany amin'ny fitantanam-pirenena.



*Ny filoha Marc Ravalomanana.*

**Isambilo**

Fihaonambe nasionalin'ny FFKM

# Hisy fihaonana amin'ireo mpitondra teo aloha sy ny amin'izao

Hikarakara Fihaonambe nasionaly ny FFKM, na Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara ny 29, 30 ary 31 Aogositra ho avy izao, izany dia ho tanterahina eny amin'ny ISTS Mandrimena Andoharanofotsy, Antananarivo Atsimondrano ny 29, 30 ary 31 Aogositra 2023 ho avy izao. Dingana fahatelo amin'ny fihaonana karakarain'ny FFKM io, taorian'ny natao teny amin'ny FOFIKRI Ilafy Antananarivo Avaradrano ny 29, 30 ary 31 martsa 2023 lasa teo, sy tany amin'ireo Faritany FFKM 38, araka ny foto-kevitra hoe : Fiangonana manorina sy mamboly eto amin'ny firenena, raha ny tatitra nataon'ny Filohan'ny FJKM, sady filohan'ny FFKM, ny mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi.
Hanokana fotoana hihaonana amin'ireo antoko politika, sendika, fiarahamonim-pirenena, fiangonana ary fikambanana samihafa ireo filoham-piangonana efatra mirahalahy ao amin'ny FFKM ny tolakandron'ny talata 29 Aogositra 2023.
Noraisina hatramin'ny 17 aogositra 2023 tamin'ny 5 ora hariva teny amin'ny foiben'ny FFKM teny Anjohy, na tamin'ny mailaka na SMS tamin'ny 03817 31701-0324097168 ny fisoratana anarana ho an' ireo haniry handray anjara amin'izany, hoy ny fanazavana. Handray anjara amin'izany fihaonambe nasionalin'ny FFKM izany ireo avy amin'ny Faritany 38 ny FFKM, sy ireo avy amin'ny sampan-asa misa 8 ao amin'ity fiombonambe ity. Fantatra ihany koa fa hisy ny fihaonana amin'ireo mpitondra teo aloha sy ny amin'izao, amin'izao fihaonambe nasionalin'ny FFKM izao, dia fihaonana eo amin' ireo nitondra teo aloha teto amintsika : ny filoha Norbert Lala Ratsirahonana, ny filoha Marc Ravalomanana, ny filoha Hery Rajaonarimampianina ; sy ny mpitondra amin'izao ahitana ny filoha Andry Rajoelina, ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, ny filohan' ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, ny Praiminisitra Ntsay Christian, ny filohan'ny HCC Florent Rakotoarisoa ary ny filohan'ny Ceni Dama Andrianarisedo. Hitodika eny Mandrimena Atsimondrano arak'izany ny mason'ny rehetra ato ho ato.

**Isambilo**




*Ny sasany amin'ireo mpitondra teo aloha sy amin'izao eto amintsika.*

Rahararaham-pirenena

# Manodinkodina resaka sisa ataon-dry Rajoelina

Manodinkodin-dresaka sisa ny ataon-dry Rajoelina sy ny ekipany, raha ny fanadihadiana nataon' ny mpanao gazety.
Hita sy tsapa fa karazana fampielezan-kevitra atao amin'ny vahoaka ihany ny fizaram-bary " Vary tsinjo "natao hatrizay ireny, miampy ny fitsenana ny afo olympika ataony koa, hoy ireo rehetra izay nanontaniana tany amin'iny lalam-pirenena faha2 iny, ary fandresen-dahatra ataony ihany ny fanokafana ny fitaterana ny zotra an-dalamby izay mihazo an'i



*Ny filoha Andry Rajoelina.*

Soarano sy Ambohimanambola iny, ka hoe hanaovana andrana nefa mbola tsy raikitra aloha hatreto.
Samy nilaza ny rehetra, fa naninona raha mba tamin'ny taon-dasa na taloha kelin'izay no nanaovana io mikasika ny fitaterana an-dalamby io, na nampiarahana tamin'ny fanokafana ny lalamby mampitohy an'i Moramanga sy Toamasina ary Fianarantsoa-Manakara (FCE) ireny ihany koa, fa dia niandrasana izao fotoana mifanakaiky amin'ny propagandy izao ihany koa, ka mahatonga ny rehetra hilaza fa "Tetik'ady, paika politika", fitaka atao amin' ny mpiara-monina ihany ireny, mba hifidianana azy amin'ny 9 novambra, nefa tsy ho voafitak'izany fanodinkodinan-dresaka izany intsony ny maro raha ny fanehoan-kevitra ihany. Maro koa ny olona nilaza fa tsy rototra amin'ny fanokanana tian-katao amin' ny teleferika izay kasaina hatao amin'ny fiandohan' ny lalaon'ny Nosy. Laza ratsy no mahazo ny nosintsika hoy ireo tantsaha nanontaniana, nefa ho sendra ireo vahiny mpitsidika ihany koa ka hitombo ihany ny fahafaham-baraka.

**Beharo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Miala Rajoelina

### Tsy vonona velively itondra ny firenena amin'ny lalan'ny fahamarinana

Ho aiza no hiafaràn'ity firenena ity ? Mampanahy tanteraka ny hoaviny manoloana ny fihetsika ataon'izao fitondrana Rajoelina izao. Na eo aza ny fanamarihana, ny fitsikerana sy fanakianana ny tsy mety ataony volana vitsy mialoha izay nambara fa hanatanterahana fifidianana, dia hita sy re fa tsy mihaino, tsy mandray an'izany ary tsy manova ny fihetsiny izy. Anisan'izany, ohatra, ny fizarana fitaovana amin'ny toerana samihafa ho an'ireo tomponandraikitra samihafa, na fokontany na kaomina, na distrika. Tsy misy adihevitra izany, fa fampielezan-kevitra ankolaka na fanerena ankolaka tsotra izao atao amin'ireny olona nomena fitaovana ireny. Naninona tsy tamin'ny fotoana fiandohan'ny nandraisana fahefana ho an'ny mpitondra sy ho an'ireto olona ireto no tsy natao ny toy izany, fa izao efa antomotra izao, no tsy maintsy hametraham-pialàna eo amin'ny fitondrana vao mikoropaka amin'izany? Tsy bado daholo akory ny Malagasy ka tsy hahatakatra izany fihetsika miharo politika maloto izany. Politika maloto tanteraka izao zava-misy izao, ary tsy vonona velively izao fitondrana izao hitondra ny firenena hizotra ho amin'ny lalan'ny fahamarinana. Mazava loatra, fa hisy fiantraikany hatrany amin'ny fifidianana sy ny ho voka-pifidianana izao zava-misy izao. Tsy hahasoa ny firenena sy ny taranaka fara aman-dimby velively anefa izany fihetsika izany. Tsy amin'ny fomba tsy ara-dalàna na mamohehitra no hakàna fahefana sy fitondrana. Ny firenena tsy hoentina amin'ny fahamarinana dia tsy ho soa velively ary tsy hisandratra mihitsy, fa hihodinkodina fotsiny sy handrorona ny fampandrosoana rehetra atao. Toy izay efa niseho tato anatin'ny dimy taona lasa izao. Tsy hiova ny fari-piainan'ny sarambabembahoaka, fa toy izao hatrany, raha mbola tsy miova ny fomba fiasa sy ny olona hitondra ny firenena eto. Mitaky fanapahan-kevitra hentitra avy amin'ny olompirenena vanona izany, ary mitaky fanovàna lalina ihany koa ny zava-misy eto amin'ity firenena ity. Ampy izay fotoana lava namitahana ny vahoaka sy nanaovana azy ho toy ny zaza na bado izay. Tsy azo ekena ny hamelana ny firenena ho potehin'ny olombitsy.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Seheno R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# Fahafaham-baraka lava no iainan'ny fitondrany

Tsy afaka miara-dàlana velively ny "fahafaham-baraka" sy ny "fahazoana amboara" kanefa dia samy isaloran'ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina avokoa. Nisaloran'ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara faha-4 andiany faha-2 izao ny amboaran' ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo kanefa tsy ny any Atsimo ihany intsony no manjaka ny kere, fa efa miha-mahazo laka aty amin'ny Faritra Avaratry ny Nosy izany loza izany. Koa toa inona ny haben'ny mason-tsivana nahafahan'ny fikambanana nanolotra ity amboara ity ho an-dRajoelina Andry Nirina? Tsy vitan'izay fa natolotra azy ihany koa ny amboaran'ny fanorenana fotodrafitrasa, eo amin'ny sehatra inona ary aiza daholo no nisy nitsangana? Satria ve nametraka ny vato fehizoron'ny Làlampirenena faha-5 bis mampitohy an'i Ambilobe sy Vohemara sy ny ampahan'ny Làlampirenena faha-13, ary nitokana ny Rocade d'Iarivo Rajoelina Andry Nirina dia notolorana izany. Tsiahivina fa efa tetikasa efa nahazoana famatsiam-bola tamin'ny fitondran-dRajaonarimampianina Hery izany, fa efa toetra raiki- tapisaka amin'ity fitondrana ity ny misoloky ho mahavita izao sy izao. Tsy mila resahina fa iainan'ny Malagasy manerana ny Nosy ny fahapotehan'ny Làlampirenena rehetra sy ny an-tanàn-dehibe. Herinandro vitsy izao vao nanao fanambarana ny filankevitry ny minisitra, fa hanamboatra ny Làlampirenena sy ny làlana potika an-tanàndehibe ny fitondrana, ka tsy ny sarety ve izany no lasa eo alohan'ny omby? Efa hifarana ny fepotoana hitondran-dRajoelina Andry Nirina vao ihazakazahana ny tetikasa "teleferika" hanamaivanana ny fitohanana eto an-drenivohitra, hono. Ny tetikasan'ny filohan'ny Repoblika hanorenana tanàna vaovao aza tsy misy mandeha amin'izay laoniny toy ny Tanamasoandro, ka tsy mety mamiratra eny Imerintsiatosika ilay masoandro hatramin'izao ary terena ny Trano Fandraisam-bahiny hanome efitrano ho an'ireo athleta vahiny hiatrika ny Lalaon'ny Nosy hanomboka afaka herinandro. Ny fotodrafitrasa tena nampitodika ny mason'izao tontolo izao taty Madagasikara dia ny fitokanana ny fampiadiana akoholahy tany Antsiranana. Nalaza ihany koa ny trano mijoalajoala nitorombona toy ny lapa naorina teo ambony fasika tany Morondava. Tsy mendrika nanolorana amboara ho an-dRajoelina Andry Nirina ireo tranga ireo, satria fahafahambaraka no tambin'izany. Nomena mari-pakasitrahana ny minisitry Toekarena sy ny Vola noho ny fahaiza-mitantana, hono, kanefa na dia ny Tetibola Nasiam-panitsiana (LFR) aza tsy vitany ny nandrafitra izany. Iaraha-mahalala anefa fa iankinan'ny fampandehanana ny raharaham-pirenena izany, satria fantatra fa na ny fitaovana entina miasa any amin'ny departemanta isantokony any aza dia tsy misy ary ny tena zava-doza dia ny tsy fahampian'ny vola entina manao ny fifidianana, ka mivelona amin'ny hataka toy ny fanaony hatrany ny fitondrana. Tsy eo amin'ireo sehatra ireo ihany no maha afabaraka izao fitondrana izao, fa nanararaotra ny zava-nisy ny teo anivon'ny governemanta ary tsiahivina amin'ny raharaha "bon-bon sucettes" (minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena) sy ny "écrans plats" (minisiteran'ny Atitany) tamin'ny fandalovan'ny valanaretina "covid 19". Tsy nisy tohiny ireny raharaha ireny, fa nesorina tamin'ny toerany fotsiny ireo minisitra kanefa dia fanodinkodinana volambahoaka izay mendrika hanomezana sazy henjana. Tsy teo anivon'ny governemanta ihany no nisy ny fahafahambaraka, fa nitrangan'izany koa ny teo anivon'ny Antenimierampirenena izay nahatratrarana depiote iray nampitrandraka sy nampitatitra hazo sarobidy kanefa dia ny filohan'ity Andrimpanjakana ity mihitsy no niteny hoe "izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy". Midika izany fa na ny filoha'ny Antenimierampirenena aza izany dia efa nanao fahotana mifandraika amin'izany. Ao amin'ny fahefana mpanao lalàna no misy ity depiote ity kanefa dia nilaza izy, fa tsy mahalala fa misy eto Madagasikara ny lalàna mandrara ny fitrandrahana sy fitaterana hazo sarobidy. Fahafaham-baraka tsy roa aman-tany no nitranga tamin'ny faran'ny herinandro teo ka ny talen'ny kabinetran'ny filohan'ny Repoblika mihitsy no voasambotra sy nampidirina am-ponja vonjimaika, any an-drenivohitr'i Angletera, satria voampanga ho nanao kolikoly. Nesorina teo amin'ny toerana maha talen'ny kabinetran'ny filohan'ny Repoblika izy fa tsy nanaja ny Soatoavina Malagasy. Araka ny vaovao dia niaraka tamin'ny filohan'ny Repoblika tany Rwanda izy no nihazo an'i Londres, ary hiala sasatra, hono, no nolazainy fa handehanany. Marary sy lazoan'ny aretina avokoa ny eo anivon'ny fahefana rehetra misy eto amin'ny Firenena ka heverina fa hanao ny aroriaka mba tsy hifindran'ny aretina ary hitady ny fomba hitsaboana ity Firenena ity ny Malagasy amin'ny fifidianana amin'ity taona ity eto amintsika.

***Andry Tsiavalona***

## Amirale Van Alexandre

# Miha-sahirana sy miha-latsaka an-katerena hatrany ny firenena

Nandalo teto an-tanindrazana tamin'ity volana aogositra ity ny filohan'ny Alliance Diaspora Malagasy Monde, Amirale Van Alexandre, naneho ny heviny izy mahakasika ny zavatra hitany nandritra ny fitsidihana nataony tany amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo Atsinanan'ny Nosy . Nambarany fa miha-sahirana sy miha-latsaka an-katerena hatrany ny firenena Malagasy ankehitriny. Hitan'izao tontolo izao ihany koa izany hoy izy. Tamin'ireo faritra notsidihany tamin'izao fandalovany teto an-tanindrazana izao, hitany fa mitrongy vao homana ny ankamaroan'ny vahoaka, toy ny hitany tany Vohipeno, Vangaindrano, Ankaramalaza. Amin'ny maha zanaky ny fiangonana FLM azy, niatrika ny isan-kerintaonan'ny Toby Lehibe Ankaramalaza koa izy. Navoitrany fa tsy mendrika ny Malagasy ny iainany amin'izao fotoana, noho izany hisy ny hetsika ara-tsosialy hataon'ny Alliance Diaspora Malagasy Monde ato ho ato, fa mbola hivory aloha ireo Malagasy monina any ivelany, manerana izao tontolo izao mivondrona ao amin'ity fikambanana tarihany ity. Nasongadiny ihany koa anefa fa tsy manao politika ny fikambanana, na izany aza, manoloana ny fifidianana hatao eto amintsika amin'ity taona ity, hivory izy ireo ary mety handray fanapahan-kevitra amin'ny olona mety ho tohanany na tsia mahakasika izany. Nasiany resaka koa ny momba ny hoe afaka hifidy ny diaspora,  resaka mandany lera izany hoy Amirale Van Alexandre, satria na ny fanisana na recensement eto Madagasikara aza manahirana. Nampanantena anefa izy momba ny mahazo ny vahoaka Malagasy ankehitriny, fa tsy maintsy ho avy ny maraim-baovao ho an'ny Malagasy rehetra.

***Nangonin'Isambilo***





*Amirale Van Alexandre, nitsidika ny tany Atsimo sy Atsimo Atsinanana.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Raharaha Romy Voos Andrianarisoa Olona ambony eto amin'ny firenena voatono'ny mpisolovava



**Elysée Ramahatra :** raharaha Romy Voos Andrianarisoa, MIHAZAKAZAKA NY TOE DRAHARAHA. Ankoatran'i ROMY VOOS sy PHILLIPE TABUTEAU dia misy teratany frantsay GÉRARD PERCEAU voatonon'ny mpisolovava ny orinasa GEMFIELDS izay anisany namolavola ny IEM. Tsy vitan'izany fa voatonona tao koa ny anaran'ny Filohampirenena ANDRY RAJOELINA sy MAMY RAVATOMANGA amin'ilay petrabola 5%. Nilaza ny mpisolovava, fa mahafantatra tsara an'io raharaha io ny Filohampirenena ary voahiraka amin'izany ramatoa ROMY VOOS.
AUDIENCE PUBLIQUE NY AMIN'NY 08 SEPTEMBRE KOA MANAINGA IREO GASY ANY LONDRES HANATRIKA IZANY.
**Arphine Rahelisoa Helisoa :** ahoana tsara hoe ? Raha misy sy izany tokoa vé tsy ho looza ?
**Finette Rasoa :** Iazao ny marina rehetra. Mety ho tafiditra Mamy Ravatomanga sy Rainidedaka, tsy afa miala ireo satria vola hiditra ny paosin'y mpitondra izany. Malaza eran'ny télévision française sy Londres télévision eran- tany ny mpitondra malagasy naniraka azy : pots de vin.
**Claire Randria :** fahafahambaraka tsy nisy toa ny hita sy iainan'ny Malagasy ankehitriny.
**Dina Misaintsoa :** raha marina izany, afa-baraka tanteraka izahay vahoaka malagasy izay hisolo anareo. Tena ianareo manko efa tsy mahay menatra intsony, lany henatra, mialà teo nareo fa tsy hainareo ilay mitondra.
**Vonjii Rkootoo :** aleo handeha jerena e !
**Ludovic Hermann Soazara :** nahazo raharaha isika nahazo ireo olona lefaka reo.
**Rafidison Simon :** efa tena tsy rariny intsony izao, tokony hihetsika mafy ny antoko politika rehetra sy ny hery velona rehetra mikarakara izay tokony hatao, very hasina tanteraka sy afa-baraka loatra i Madagasikara.
**Kelly Rja :** handeha tsara mihintsy hihaino ny film ny gangsters.
**Tsya Tongava Saina :** handeha ho any zà, mbola eto Ampefiloha zà io !
**Mamiseheno Raoelison :** way  kosa e ! loza raha marina a !
**Ahmed Fohay :** avy an-tampony any, affaires dircab Romy Voos io !

## TONONKALO

### HANENO TSY HO ELA NY TROMPETRA

Aleo hiandry am-pitoniana ny fanenon'ny trompetra,
Izay no tena mety indrindra ka dia mahereza hatrany.
Aleo hamarana ny diany ireo mpibizina voretra,
F'efa manga lo ireo , tsy maintsy hitontona amin'ny tany !

N'inona n'inona hataony , na dia mbola hizara vary,
Na hizara vola koa mba hahatsara indray ny sariny,
Raiso , hano ry vahoaka , asehoy miharihary,
Tena tsy azy akory ireny fa harena nangalariny !

Na dia mbola hitety faritra ka hamorom-pikafika,
Na hamafy lainga indray sy mbola tena hampiaka-peo,
Izao ihany no azo ambara : tena mihamahantra isika
Noho ny zavatra nataon'ireo jiolahy mpandroba ireo !

Aleo hiandry am-pitoniana ny fanenon'ny trompetra,
Izay no tena mety indrindra ry vahoaka izay nofaizina,
Aoka havondrona ny hery f'efa antomotra ny fetra
Hialan' ireo jiolahy izay nampandeha an-tany maizina !

Madagasikara sambatra  tsisy foza maimbo intsony,
Izay no ataovy tarigetra sy hirao andro aman'alina,
Ka mba gasy tena gasy no hipetraka eny ambony
Sy hanala ny vahoaka anaty fahantrana lalina !

***TSIMIMALO (18-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Helisoa

**Nitsangana ny mpitarika ny FOKOTIM any amin'ny fokontany 3 : Ambia , Antanandronono ary Antohomaro, ao amin'ny kaominina Ambonivohitra SAMBAVA faritra Sava.**











**Pr Jonah Ratsimbazafy, filoha eran-tanin'ny IPS : International Primatological Society, notoloran'ny Oniversiten'Antananarivo ny mari-pankasitrahana Docteur Honoris Causa.**









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy."*
***Filipiana 4:7***

### Barea hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023

## Ho hita manontolo etsy Mahamasina rahampitso

Ho hita manontolo etsyamin'ny kianjan'i Mahamasina rahampitso alahady 20 aogositra amin'ny 12 ora antoandro, ny Barea hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, hanao lalao fanokafana fanokafam-bavony fanoman-tena mialohan'ny hanatrehana ny lalao famaranana hiadiana ny amboaran'ny Filoham-pirenena 2023 eo amin'ity kianja ity hifanandrinan'ny ekipa voafantin'Antananarivo sy ny ekipa voafantin'iToamasina, izay hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Tsiahivina fa tamin'ny alakamisy alina nanomboka tamin'ny 7 ora dia nanatanteraka lalao ara-pirahalahina tsy natrehana mpijery (huis clos), ka nifanandrina tamin'ny ekipa voafantin'Antananarivo 2 ary nandresy 3-1 ity Barea Jeux des iles 2023 ity, eo amin'izay fanomanan-tena hiatrehana ny JIOI 2023 izay.

***Rainilita***



***Barea an'i Madagasikara baolina kitra.***

Coupe de la Confédération de la CAF 2023

## Anio no ho raisin'ny Gaborone United SC ny Elgeco Plus



***Ny Gaborone United hifanandrina amin'ny Elgeco Plus.***

Anio sabotsy 19 aogositra 2023, no ho raisin'ny ekipan'ny Gaborone United SC Botswana, ao amin'ny kianja "Gaborone National Stadium", hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro any an-toerana ny ekipa Malagasy Elgeco Plus Madagascar eo amin'ny fifaninanana "1er Tour Préliminaire de la Coupe de la Confédération de la CAF 2023" eo amin'ny baolina kitra. Vonona tsara ny ekipa Malagasy izay efa tonga soa aman-tsara any Gaborone tamin'ny alakamisy teo hiatrika an'izany lalao izany.

***Rainilita***

### Rugby Formation Super Week Rugby 2023

## Hifarana rahampitso alahady any Ambatondrazaka

Hifarana rahampitso alahady 20 aogositra any Ambatondrazaka ny fiofanana « Rugby Formation Super Week Rugby 2023 », ao amin'ny « Maison des jeunes » any an-toerana, izay nandraisan'ireo mpiofana niisa 25, voafantina taorian'ny « test en ligne » natao, ka niatrika ny «Formation entraineur niveau 1 », « Formation secouriste Medicale » sy « Formation Arbitre Niveau 1 » ary « Formation et Détection des joueurs », niandraiketan' ny Dtn ao amin'ity taranja ity, sy ny « Président Commission Centrale des arbitres » ary ny « Formateur accrédité World Rugby pour le sécourisme » sy ny « Entraîneur Makis Niveau 3 ». Marihana fa nanomboka tamin'ny alakamisy 17 aogositra 2023 lasa teo no nanombohan'ity fiofanana ity.

***Rainilita***




***Rugby Formation Super Week Rugby 2023.***

### Mondial vehivavy baolina kitra

## Na i Angletera na i Espana no handimby an'i Etazonia

Ho fantatra rahampitso alahady 20 aogositra 2023 ao amin'ny kianja «Stadium Australia (Sydney) », ny handimby ny vehivavy Amerikana eo amin'ny fitazonana ny anaram-boninahitra tompondaka erantany eo amin'ny baolina kitra vehivavy andiany faha-9 tontosaina any Australie sy Nouvelle-Zélande, niara-ka nanomboka tamin'ny alakamisy 20 jolay 2023, ka nandraisana ekipam-pirenena vehivavy niisa 38 anjara tany ampiandohana, na izany i Espagne na koa i Angleterre izay hikatroka eo amin'ny lalao famaranana. Anio sabotsy atoandro kosa (12h00) no hifanandrina any amin'ny kianja « Lang Park (Brisbane) Australie » eo amin'ny lalao fiadian-toerana faha-3 i Suède sy Autralie.



***Angleterre sy Espagne vehivavy eo amin'ny baolina kitra.***

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Tsaramaso mena sy henomby** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa, na hatao ritra, na hatao rony izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fanafodin'ny hoho maity na mangana



Fanafodin'ny hoho maity na mangana, noho ny karazana holatra na infection fongique indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ireto ny zavatra atao raha ilay infection fongique na tratran'ilay karazana holatra ny hoho : iray amin'ireto ihany no atao :

- Tamotamo vovony1 sotro kely, hasiana rano 1 sotro kely dia afangaro tsara ary ahosotra amin'ilay hoho.
- Vinaigre de cidre de pomme, atao amin'ny landidhazo dia ahosotra amin'ilay hoho
- Bicarbonate de soude, asiana rano kely dia ahosotra amin'ny hoho.
- Mila diovina isan'andro , fafana tsara, atao maina foana koa ny rantsan-tongotra , hatanin'andro ny tongotra isan'andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Ambinanindrano distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambinanindrano distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambinanindrano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Any atsimon'i Mahanoro no misy azy ary 60 km miala an'i Marolambo. Mbola ratsy ny lalana mankany. Vokatra any ny kafe, ny jirofo, ny dipoavatra, ny lavanila, ny vary, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe.



BEN'NY TANÀNA RADO RAMPARAOELINA

# Tsy mirotsaka ho filohampirenena no mety amin-dRajoelina

Mampilamina ny tany sy ny fanjakana ny tsy filatsahan'i Andry Rajoelina, ho kandida mandritra ny fifidianana filoham-pirenena, izay hotanterahina ny 09 Novambra 2023 ho avy izao, hoy Andriamatoa Ramparaoelina Rado, Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika voafidy tamin'ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa mirona mankany amin'ny tsy fanekena ny filoha am-perin'asa hanao kandida ho filoham-pirenena ny fanehoan-kevitra ataon'ny olom-pirenen, taorian'ny trangana kolikoly nisamborana ny Tale kabinetran'ny fiadidian'ny Repoblika niseho tany "Angleterre " ny herinandro lasa teo. Nanamafy Andriamatoa Ramparaoelina Rado, fa manomboka tsy resy lahatra amin'ny firotsahan'i Andry Rajoelina amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny hery velona nohon'ny fanenan'ny filoha amperin'asa ny zom-pirenena Frantsay ihany koa, sy ny tsy fahombiazan'ity farany eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana. Vokatr'izany hotsarain'ny vahoaka amin'ny alalan' ny lasa-bato mandritra ny fifidianana ny filoha amperin'asa, raha mbola miziriziry hanao kandida ho filoham-pirenena. Nanamafy ny ben'ny tanànan' ny Kaominina Ampitatafika, fa tsara toerana ny filoham-pirenena raha mivoaka amin'ny varavarana malalaka, ka manapakevitra tsy handray anjara amin'ny fifidianana intsony ary tsy ny fahatahoran'ny vondrona mpanohitra an'i Andry Rajoelina no antony itenenany an' izany, fa ho fiarovana azy amin'ny mety ho trangan-javatra hiseho aorian'ny 09 Septambra 2023 ho avy izao. Nilaza ity olomboafidy ity, fa mbola sarotra ny maminavina ny zavatra hiseho aorian'ny 09 Septambra 2023, satria tsy voafehin'ny hery velona eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny fivoaran'ny toe-draharaha politika, fa tsy maintsy iarahana misalahy miaraka amin'ireo mpiara miombon'antoka sy ny mpamatsy vola vahiny, ka tsaratsara kokoa ny fisintahan'ny filoham-pirenena ankehitriny aorian'ny fahataperan'ny fotoampiasany, mba hisian'ny fandriampahalemana amin'ny fiatrehana ny zotram-pifidianana.



*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika, Rado Ramparaoelina.*

***Franck Razakambelo***

Bakalorea Antananarivo

# Nitohy nitaky ny tambin-karamany ireo mpitsara fanadinana

Nitohy nitaky ny tambinkaramany ireo mpampianatra mpitsara fanadinana bakalorea eto Antananarivo omaly, teny Ankatso.

Omeo ny volanay hoy izy ireo, niaraka nirohotra teny amin'ny filohan'ny Oniversiten'Antananarivo ireo mpampianatra nangataka fanazavana, omaly maraina. Ireo solontena isaky ny taranja no niaranidinika tamin'ny filohan' ny Oniversite tamin'izany. Ny avy amin'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa no naneho fa rehefa vita ny asa na "service fait" ny bakalorea, ka rehefa vita ny asa vao mandeha ny dingana fandoavam-bola. Ho an'ny 2021 sy 2022 dia voalaza fa efa nalefa tany amin'ny Oniversite izany. Andrasana ny tohin'ny raharaha, ary andrasana amin' izao faran'ny herinandro izao ny hivoahan'ny valin' ny fanadinana bacc ho an'Antananarivo. Mitohy ihany ny tsy fandoavan'ny fitondrana Rajoelina ny volan'olona, miantraika any amin'ny mpianatra sy ny ray aman-dreny anefa izany. Ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny, fa misavoritaka tanteraka ny tontolon'ny fampianarna eto amintsika ankehitriny, noho tsy fahaizan-dry Rajoelina sy ny ekipany mitantana.



*Ny hetsik'ireo mpampianatra teny Ankatso omaly.*

***Stefa***

Lalao Nasionaly Asief 2024

# Any Nosy Be Hell-Ville indray no hatao

Fanatatra tamin'ny lanonam-pamaranana ny Asief Nationale 2023, tao amin'ny kianja mitafon'i Soavita Toamasina, fa ny tanànan'i Nosy Be Hell-Ville indray, no handray ny fifaninanana nasionalin'ny Asief 2024. Ny filoha nasionalin'ity fikambanana ity, Botosera Jean Aimé antsoina hoe Jhon Love, no nanambara an' izany tamin'ny fomba ofisialy tamin'io fotoana io ary tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity izy dia efa namita iraka nitsidika ny tany an-toerana, nijery an'ireo fotodrafitr'asa arapanatanjahantena misy any amin'ny Nosy Manitra. Voalazany tamin'izany, fa misy kianja « terrain foot Ball » miisa 11 no azo am-piasaina any Nosy-Be, kianjana basikety baolina miisa 6, kianjana volley- Ball miisa 2 ary ahitana koa kianja hanaovana ny «disciplines » hafa. Ny « Site d'hébergement » kosa dia efa samy tokony hanomankomana daholo izay tsy te hipetraka amin'ny EPP sy CEG.




*Famaranana Asief tany Toamasina.*

***Rainilita***

Masoivoho Amerikana

# Misokatra ny fisoratana anarana amin'ny YALI Mandela Washington Fellowship

Ny Masoivohon'i Etazonia dia manambara fa misokatra ny fisoratana anarana amin'ny YALI Mandela Washington Fellowship. Ny governemanta Amerikana dia manamafy ny fahavononany hanampy ireo andiana tanora mpitarika Afrikana manaraka izay hamolavola ny hoavin'ny tontolon'ny fandraharahana, sy ny fitarihana olom-pirenena ary ny fitantanan-draharaham-panjakana eto Madagasikara sy Kaomoro.

Ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara sy Kaomoro dia mampahafantatra fa nisokatra tamin'ity herinandro ity ny fisoratana anarana ho an'ireo tanora mpitarika maniry ny hisitraka ny vatsim-piofanana YALI Mandela Washington Fellowship ho an'ny taona 2024. Ity programa ity, izay sangany indrindra amin'ireo vatsim-piofanana YALI hanohanana ny tanora aty Afrika, dia mampiseho ny fanohanan'ny governemanta Amerikana ny tanora Afrikana, izay manohana ny fampandrosoana ara-toekarena, manamafy ny fitantanana demokratika ary koa manatsara ny filaminana sy ny fandriampahalemana manerana an'i Afrika.

Isan-taona, ny masoivoho Amerikana manerana an'i Afrika dia mifantina tanora mpitarika manana traikefa amin'ny fanatanterahana tetikasa mitondra fiantraikany tsara tao amin'ny fireneny, handray anjara amin'ny programa YALI Mandela Washington Fellowship. Hatramin'ny taona 2014 dia tanora mpitarika 127 avy eto Madagasikara sy Kaomoro no nisitraka ity vatsim-piofanana ity.

Tanora Afrikana 700 no hofantenana amin'ity andiany ity. Izy ireo dia hianatra momba ny fahaiza-mitarika mandritra ny enina herinandro any amin'ny oniversite amerikana ary anisan'ny hianarana amin'izany ny fandraharahana sy ny fitantanana orinasa, ny fitantanana fikambanana sy rafitra tsy miankina amin'ny fanjakana, ary ny fitantanan-draharaham-panjakana. Mitohy amin'ny fihaonana an-tampony izay hatao any Washington D.C. any Etazonia avy eo ny fiofanana, hahafahan'ireo mpandray anjara mihaona amin'ireo tompon'andraiki-panjakana sy mpisehatra avy amin'ny sehatra tsy miankina Amerikana.

Aorian'izay dia mbola manohy manatsara ny traikefany ireo tanora handray anjara amin'ny YALI Mandela Washington Fellowship, amin'ny alalan'ny fanohanan'ny Departemantam-panjakana Amerikana amin'ny alalan' ireo masoivohony ary ireo mpiara-miombon'antoka aminy. Mbola hisitraka fampivelarana hafa ihany koa ireo mpiofana toy ny fanararaotra hampandrosoana ny fahaizan'izy ireo eo amin'ny sehatry ny asa, ny fiahiana na mentoring, ny fidirana sy fitrandrahana tombon-tsoa avy amin'ny tambazotrana mpitarika hafa, ny fiofanana, ny asa ho an'ny fiaraha-monina, ary ny fanohanana ara-bola ireo tetikasa sy orinasa ary fikambanan'izy ireo.

Ny fisoratana anarana sy ny fanazavana fanampiny toy ny antsipirian'ny fomba fifantenana ireo mpandray anjara, miampy ny fepetra takiana dia hita ao amin'ity rohy ity: mwfellows.info/apply.

Amin'ny 12 Septambra izao no hifarana ny fisoratana anarana.

Ny vatsim-piofanana Mandela Washington dia fandaharanasan'ny Departemantam-panjakana Amerikana izay vatsian'ny Governemanta Amerikana vola ary tantanan'ny IREX. Tsy misy fanavakavahana fihaviana, volon-koditra, maha-lahy na maha-vavy, finoana, farimpiainana, kilema, na fironana ara-pananahana ity programa ity.

***Aly***



*Tanora efa nisitraka ny YALI Mandela Washington Fellowship.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/08/2023 hatramin'ny 12/08/2023**

- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1463-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Ny Malagasy no voalohany tokony hisitraka ny harem-pirenena eto

Tsy mizara araka ny tokony ho izy ny fisitrahan'ny Malagasy ny harena eto amin'ity firenena ity. Misy ireo mangorona arak'izay danin'ny kibony ny harem-pirenena sy manondrana izany any ivelany. Migalabona amin'ny harembe sy fiadanana izy ireny ary zara raha manopy ireo mpiray tanindrazana aminy ory. Toy ireto farany eo araka izany ireo natao anjorom-bala sy voailika toy ny tsy natao hisitraka izany, hany ka miaina ao anaty fahasahiranana sy fahantrana lava andro aman'alina. Miha mitombo hatrany ny elanelana eo amin'ireo sokajin'olona roa eto amin'ny firenena ireo amin'izao fotoana izao. Fitanilàna tsy ara-drariny ny fanaovana ny Malagasy ho tompony mangatak'atiny nandritry ny taona maro izay.

Tsy mendrika ny vahoaka Malagasy izany iainany izany. Mila jerena akaiky ny fitsinjovana izay hahasoa ny sarambabem-bahoaka ka isitrahany amin'ireo harem-pirenena nolovainy tamin'ny razany. Tsy ara-drariny raha toa ka olom-bitsy, teratany malagasy sy vahiny iray petsapetsa, amin'ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena no mahazo vahana amin'izany. Iaraha-mahita sy mahalala ny zava-misy ankehitriny eto amin'ny firenena momba izany. Nahatarafana izany tsara ny amin'ilay raharaha mitranga any ivelany amin'izao fotoana ka maha voarohirohy teratany malagasy tomponandraikitra. Ilay sehatra iasany sy ataony eto amin' ny firenena mifandraika amin'ny fitrandrahana harem-pirenena no tiana horesahana eto. Azo eritreretina fa tsy izy irery ihany no manao izany amin'ireo olona tsara toerana eo anivon'ny fitondrana fa maro, izay tsy mahalala afa-tsy ny mangoron-karena sy mitady tombontsoa manokana ho an'ny tenany fotsiny, fa tsy ho an'ny vahoaka malagasy. Mila harenina maika izany toe-javatra izany. Ny an'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia mitodika amin' izay fitsinjovana ny hahasoa ny Malagasy izay no tanjony. Ny Malagasy no tompon'ity firenena ity, ary izy no tokony hisitraka ny harena eto. Ny Vinan'Andriamanitra izay ezahiny hotanterahana, dia ny hahasoa sy hisandratan'ity Nosy ity. Omena hasina ao anatin'izany ny maha olona sy ny talenta ananany, ka tsy misy ny fanilihana ny tsirairay. Tsy fiangonana ary tsy manao politika ny AFK, fa miezaka mitondra ny anjara birikiny hanavotana ity firenena ity. Ny fifandraisana 034 17 460 53.

***Aris***

### Toekarena manga

# Mbola tsy misitraka ny tamberim-bidin' ny vokatra ao aminy ireo faritra

Mbola tsy misitraka ny tamberim-bidin'ny vokatra mivoaka ao aminy ny faritra, mahakasika ny resaka toekarena manga : ny vokatry ny hazandranomasina, sy ny hazandranomamy. Nivoitra nandritra ny fankalazana ny androm-pirenen'ny toekarena manga tany Menabe izany. Natao ho androm-pirenena ho an'ny toekarena manga eto Madagasikara ny 18 sy faha 19 aogositra ; ka ity taona ity no nankalazana izany voalohany tao Morondava izay notarihan'ny minisitry ny jono sy ny toekarena manga Andriamatoa Mahatante Tsimanaoraty Paubert . Nosafidiana manokana i Menabe anatanterahana izao fankalazana izao, satria hita ato amin'ity faritra ity avokoa ireo singa ao amin'ny toekarena manga rehetra na ny andranomasina na an-dranomamy, eo koa ny lafiny fizahantany sy harena an-kibon'ny tany ary ny 10 isan-jaton'ny harena anaty rano eto Madagasikara dia ato Menabe avokoa na dia izany aza anefa dia tsy mbola hita taratra eo amin'ny fampandrosoana ny faritra ny vola ampidirin'izany satria tsy mbola misy lamina matipaika mba hametrahana ny tamberim-bidy ho an'ireo faritra izay hivoahan'ireo vokatra.

***Rajepa***





***Olona, anisan'ny mivelona amin'ny toekarena manga any Menabe.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 441**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0440)


***Mitsivalana***

- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

***Mitsangana***

- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

## TENY MIFANAPAKA N° 441




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Fihoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

## Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

**1.**Matoanteny **2.** IF - Aloa (miv) **3.** Notolorana **4.** OM - Vato (miv) **5.** Sambava - Ao (miv) **6.** Penina **7.** Taolana - IA **8.** RN - Osa - DDT **9.** Adinony - Ro (miv) **10.** Ahitana

**Mitsangana**

**A** Minisitra **B.** Afo- (M)ando **D.** Tompo **E.** Olombelona **F.** Hosana (miv) **G.** Nao - Vinany **H.** Toroana - Ti (miv) **I.** Tale (miv) **J.** Nanao - Nody (miv) **K.** Avaratra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana nanome toromarika ny amin'ny hananganana ny KMMR any Toamasina faritra Atsinanana.**









**Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny fanokafana ny faha-55 taonan'ny fiangonana FJKM, tany Toamasina omaly.**









